# Arahaba avy aty VANUATU!

Vanuatu dia nosy firenena tropikaly iray ao amin'ny Ranomasimbe Pasifika. Olona mihoatra ny 3 hetsy no monina any!

## NY BOKIN'I MÔRMÔNA




Tamin'ny 2004 no voadika tamin'ny fiteny Bislama ny Bokin'i Môrmôna. Hatramin'izay dia olona maherin'ny 8.000 no lasa mpikamban'ny Fiangonana ao Vanuatu!

Mpikamban'ny Fiangonana ao Vanuatu manatrika fivoriana fampaherezam-panahy nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson tamin'ny aogositra 2017.

## NOSY TROPIKALY



Ireo morontsiraka tsara tarehy sy rano manga madio no mampalaza an'i Vanuatu. Ny sasany amin'ireo morontsiraka aza dia ahitana fasika mainty!




SARY NATAON'I ANNA OLDROYD

## VOLA MAROLOKO




Miloko marevaka ny vola any Vanuatu izay maneho ireo trangam-piainana eo amin'ireo nosy sy ireo zavamaniry sy biby miaina ao.

## FITENY




Ny fiteny bislama, anglisy, ary frantsay no fiteny ôfisialy. Saika ny rehetra no miteny bislama!

## SAHANASA



### Satroboninahitra voninkazo

Rehefa misy fety na lanonana dia manao satroka voninkazo maroloko ny olona any Vanuatu.

Tapatapaho ny **taratasy miloko** hanome endrika voninkazo. Asio lavaka kely eo ampovoan'ny voninkazo tsirairay. Manapaha **kofehy** lava ampy hahodidina ny lohanao. Atsofohy amin'ireo voninkazo taratasy ny kofehy. Avy eo dia afatory miaraka ny tendron'ny kofehy roa. Dia azo anaovana ny satroboninahitrao!

## FOMBA FAHANDROAN-TSAKAFO



### Mofomamy Voanio

Ny mofomamy voanio dia sakafo malaza any Vanuatu. Indro misy fomba fahandroana izany azonao andramana!

1. Kapohina ao anaty vilia baolina ny **siramamy ½ kaopy** sy **dibera ¾ kaopy** .
2. Ampio **atody 2** dia afangaroy.
3. Afangaroy ao ny **lafarinina ½ kaopy, voanio voakiky 1 kaopy** ary **vovoka fanova 1 sotrokely**.
4. Arotsahy ao anaty vilany boribory efa voahosotra menaka ary ataovy anaty lafaoro mandritra ny 20 minitra amin'ny hafanana 300°F (150°C).

**Ataovy izay hahazoana fanampiana avy amina olon-dehibe iray!**